# ALAHADY - TRINITE MASINA - TAONA A 2026



***Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao***

Vakiteny I : Eks. 34: 4b – 6, 8 – 9
Tononkira : Dn. 3: 52, 53, 54, 55, 56
Vakiteny II : 2 Kor. 13: 11 – 13
Evanjely : 3: 16 – 18

Ry Kristianina havana, miditra amin'ny vanim-potoana mandavantaona isika manomboka amin'izao Alahady ankalazantsika ny Trinite Masina izao. Miditra amin'ny fiainana andavanandro, miditra amin'ny ivelomana ny maha EOV MISIONERA ANTSIKA, manorina ETA miezaka ho "tabernakla velona", Mpivahinin'ny Fanantenana mamafy fiadanana sy fanantenana ary fihavanana manasitrana an'izao tontolo izao fa indrindra miatrika izao krizy mafy mikiky antsika izao ka ny tena loza dia maro no sahy mamono konsiansy. Sambatra isika Kristianina hoy ny eveka antsoina tsy hanaraka ny rivotra mitsoka amin'izao : Vao mainka miantso antsika kristianina hatrany izao zava-misy sarotra iainantsika izao mba hijoro amin'ny finoana maha kristianina antsika, haneho eo amin'ny fiainantsika fa olona nahazo fampianarana sy fahasoavana isika. Hasehontsika fa na mafy toy izao aza ny fiainana dia azo atao hatrany ny mijoro amin'ny ny finoana, ny manao ny marina sy miaro azy, ny manaja ny fihavanana sy mitandrina ny didin'Andriamanitra. Fotoana izao hanehoana fa ny feon'ny fieritreretana ihany no milaza amintsika ny marina. Miantso antsika amin'ny fifampitsinjovana maha

kristianina antsika izao fahantrana lalina izao, indrindra ny fitsinjovana ny madinika sy ny sahirana rehetra.

Izao indrindra ny vanim-potoana fampitrahaofana ny fiainana sy ny finoana, tsy mahagaga àry raha tarihin'ny Eglizy isika amin'izao Alahady izao hibanjina ny Trinite Masina izay Loharano sy fototry ny fiainantsika. Tamin'ny Alahady lasa teo, Alahady ny Pantekôty no nanambarana fa miditra ao anatin'ny fianakaviamben'Andriamanitra tokoa isika, olo araiky ao amin'Andriamanitra isika, Fratelli Tutti hoy ny Papa. Izao Alahady manaraka ny Pantekôty izao no handalinantsika ny finoana, hivelomantsika ny maha-kristianina antsika vokatry ny batemy ka hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'ny manodidina antsika. Entanin'ny Eglizy isika hibanjina ny fianakaviam-ben'Andriamanitra, ny Trinite Masina. Matetika isika milaza fa mistery izany Trinite Masina izany ka sarotra dinihina. Ny Trinité, Andriamanitra tokana olona telo anefa no tena mahadika ny hoe "olo araiky",” olona telo” tsy azo sarahina izy ireo na dia samy manana ny maha-izy azy aza ary dia iray tokoa ao aminy na dia samy manana ny toetrany aza. Izany no Trinite masina ka ankalazaintsika amin’izao rehefa tanteraka tokoa ny famonjen'i Kristy. Tsy hoe misaratsaraka izy ireo fa ampibaribarian'izao fety ankalazaintsika izao fa rehefa nitsangan-ko velona i Kristy ka niakatra any an-danitra ary naniraka ny Fanahy masina dia tsapantsika fa tokana olona telo Andriamanitra, Fianakaviana iray ary ao anatin'ny fahalavorarian'ny fitiavana, izany ny fiadanana nampanantenain'i Kristy raha miseho amintsika izy. Izany rehetra izany no tena dikan’ny hoe “olo araiky”: samy manana ny mahaizy azy ny tsirairay, samy ao anatin’ny fahasamihafana nefa miombona ho iray, ho fianakaviana iray. Izany ny maha olo Araiky antsika, izany no entintsika eo amin'ny fiainantsika. Tsy hoe mampanonofy antsika ny fandinihana ny Trinite masina izay mistery tokoa fa kosa mampiditra sy maniraka antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona izany hoe tahaka nanirahan’ny Ray an’I Krsity hitondra famonjena ka niverina amin’ny voninahiny. Ny voninahiny anefa dia ny Fanahy Masina mamelona antsika ka mahatonga antsika ho zanak’Andriamanitra. Noho izany ny voninahitr’Andriamanitra dia isika mivelona ny maha-zanany antsika eo anivon’ny fianakaviambeny. Izany no fiadanana ho antsika. Hitondra ny fiadanana eo amin’ny fiainana isika EOV MiSIONERA, ho fahazavana ho an'ny olona, hitondra ny tena fampihavanana marina izay mampangetaheta antsika amin'izao fotoana izao eo anatrehan'ny herisetra na fanilikilihana na eo anivon'ny fianakaviana aza. Marary ny fianakaviana satria tsy maka ny modely tena izy intsony, “pirate” ny fianakaviana amin’izao androntsika izao satria ny modelin'izao tontolo izao no iainany dia tsy inona fa ny fampanjakana ny vola, io no heverina atao ho fenitra sy fandresena. Niova ny fahendren'ny Ntaolo malagasy ka ny "Aleo very tsikalakalam-pihavanana toy izay very tsikalakalam-bola" no manjaka ankehitriny izay loharano tsy mifototra amin'ny fihavanana.

Ny Trinite masina izay banjinintsika amin'ny alalan'ireo vakiteny telo androany no mampianatra fa ny fiombonana no mitondra amin’ny tena fiadanana : ao amin'ny vakiteny voalohany *(Eks. 34, 4b-6. 8-9) :* Andriamanitra nanambara ny momba azy tamin'i Moizy, rehefa niakatra teny an-tendrombohitra nivavaka dia nambarany tamin'i Moizy fa Izy no Tompo Andriamanitra. Izany no nahatongavan'i Jesoa tonga nofo teto amintsika hanambara fa ny Ray no Andriamanitsika ary ny Fanahy noraisintsika tamin'ny Batemy no hahafantarantsika fa iray izy telo, mahery io Andriamanitra io, tsy lavitra anefa Izy, tsy manapotika na dia manam-pahefana fa Ray be fitiavana sy famindram-po. Aoka hazava amintsika fa ny fiombonana tsy manapotika ny mahaizy azy ny tsirairay. Ny komonio mira fiombonana ka tsy midika na oviana na oviana fitoviana tanteraka uniformité. Izany ny mahatonga ny olona matetika miteny hoe ny fahasamihafana raha mitondra amin’ny fiombonana dia zary harena tokoa.

Izany no antitranterin'i Md Paoly *(2 Kor. 13: 11 – 13)* : Noho ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fitiavan'Andriamanitra ary ny firaisana ao amin'ny Fanahy masina dia olo araiky ao amin'Andriamanitra isika. Io no fiarahabana ataon'i Md Paoly mandrakariva anambarany fa ao amin'ny Trinite masina isika ary amin'ny alàlany no iainantsika manontolo ka aoka àry hifampizara hafaliana mandrakariva isika hoy izy.

Eo anivon’ny litorjian’ny Eglizy dia faranana matetika ny vavaka amin’ny alalan’ny Trinite Masina.

Manamafy an'izany koa ny Evanjely androany *(Jo. 3, 16-18)* Raha nihaona tamin'i Nikodema i Jesoa dia nampibaribary amintsika fa tsy hitsara antsika no nahatongavany amin'izao tontolo izao fa hanambara fa fitiavana Izy ary fitiavana lavorary ka ao aminy sy miaraka aminy ary amin'ny alàlany no hahafahantsika mivelona an'izany tena fitiavana izany ka aoka horaisintsika ho modely ho antsika mandrakariva ilay fiombonan'ny Trinite Masina. Samy manana ny maha-izy azy izy nefa ao anatin'ny fahasamihafana, izany no maha-IRAY azy.

Aoka àry isika na dia eo ireny fahasamihafana ireny, na dia eo ireo talenta samihafa ireo, aoka hoentina hifanasoavana, hifampitsimbinana. Aoka ny fahaizantsika hoentina mifanasoa ao anatin'ny fahamarinana, aoka hampanjaka ny fampihavanana marina isika, fampihavanana sady kristianina no malagasy. Ireny no hahitantsika ny fiombonana tanteraka ary hahitantsika ny fiadanana ka na dia eo aza ny fahalementsika, na dia eo aza izay mety mitranga eo amin'ny fiainantsika dia aoka hahatsapa isika fa olo araiky ao amin'ny Trinite Masina, miaraka amin'Andriamanitra ka afaka mivelona an'izany fitiavana izany ary hiroso mandrakariva amin'ny fanatanterahana ny sitrak'Andriamanitra. Ny lojikan’izao tontolo izao araky ny voalazantsika teo no mahatonga ireny efitrefitra sy fizarazarana eo anivon’ny fianakaviana sy fiaraha-monina

ireny fa indrindra amin'izao sarotra izao. Natoron'Andriamanitra antsika ny modely, ny prototypen'ny fianakaviana ka aoka isika hianatra azy.

Fantaro koa anefa ry Kristianina havana fa ao anatin'ny fifanajana no mitoetra ny fiombonana atoron'ny Trinite Masina antsika. Fantaro ihany koa fa tsy fiombonana mikombona fa mivelatra ny Trinite Masina ka misokatra amin'ny hafa ary izany no maha EOV MISIONERA antsika. Fiombonana anatin'ny fifanompoana ary fanompoana ny hafa no modely atolotry ny Trinite Masina. Io indrindra no tanjona tiantsika tratrarina amin'izao Sinaody izao hahatonga antsika EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA ZARY MISIONERA TABERNAKLA VELONA.

Ry Jesoa Tompo ô, ankalazainay anio ny Trinite Masina, olona telo amin'ny maha Andriamanitra azy sy ny fitiavana mampiray azy, Trinite mampiray ny Ray, ny Zanaka ary ny Fanahy masina. Enga anie mba ho tafiditra ao anatin'ny fianakavian'ny Trinite masina tokoa izahay. Araky ny asan'ny Fanahy masina ny fahasoavana, hoy ianao Jesoa, koa enga anie haka tahaka izany Fitiavana izany izahay, hiray hina bebe kokoa, hiombona amin'ny fahasambarana dieny ety an-tany ka hatramin'ny fiainana mandrakizay. Mitodika aminao izahay ry Maria Reny, ianao niombona tanteraka tamin'ny Trinite Masina, ampianaro hifikitra amin'I Jesoa izahay mba ho tafaray tanteraka amin'ny Trinite Masina. Md Josefa mivavahà mba haka tahaka ny Trinite Masina ny fianakaviana "eglizy kely". Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson